

TENY FAMPIDIRANA visite pastoraly Ambilobe ny Alahady faha 25 oktobra 2015

Mbolatsara atsika jiaby, ateloana isika izay no niara-nivavaka , niara-nifanakalo hevitra, niara-nidinidinika, amin'izao famangiana pastoraly izao. Tsy famangiana mahazatra satria nampiana ny teny hoe pastoraly. Izany hoe ny mpiandy ondry tsara no mamangy atsika. Ary tokana ny mpiandry ondry tsara dia i Kristy. Finoanantsika Katolika izay ka raha i Kristy mamangy dia mampahatsiaro tamin'izy tonga olombelona (incarnation) ary izy nitory teny, nampianatra, niaraka tamin'ny vahoaka, niaraka tamin'ireo izay nisy nanohitra azy toy ny farisiana, niaraka tamin'ireo manam-pahefana, niaraka koa indrindra indrindra tamin'ny fianakaviana vaovao naoriny dia ireo mpianany. Ary izay no nanorina ny Eglizy. Ary ireo mpianatra ireo fa indrindra ny apostoly no niara-nivavaka tamin'i Masina Maria tao amin'ny senakla ka niandranda ny fanahy masina, pentekôty vaovao. Izay ny antony iantsoantsika koa an'izao famangiana pastoraly izao, mba ho pentekôty vaovao. Niara-nidinika tao amin'ny senakla koa niaraka amin'i Jesoa ny mpianatra talohan'ny nahafatesany, talohan'ny Paka. Maty izy ka nitsangako-velona. Niara-nivavaka ireo mpianatra niaraka tamin'i Masina Maria, niandranda ny fidinan'ny fanahy masina mba ho pentekôty vaovao, pentekôty haniraka ny mpianatra hitory ny vaovao mahafaly. Fa ny Eglizy , fianakaviamben'Andriaamanitra, oloraikin'Andriamanitra dia tsy mikombona fa natao hivelatra, ary matoa i Jesoa tonga olombelona dia hamonjy an'izao tontolo izao ka naniraka an'ireo mpianany hitory ny vaovao mahafaly amin'ny voaary manontolo. Ary dia azo lazaina ary fa voafintina amin'ity andro Alahady 30 mandavan-taona ity no sady mamarana ny volana oktobra, Alahady mamarana ny volan'ny raozery, ary mamarana ihany koa ny sinaodan'ny fianakaviana any Roma. Tanisaina izany rehetra izany mba hanentana ny fo amam-panahintsika, ka mba hirehidrehitra ny fo amam-panahintsika tahaka an'ireo apostoly tamin'ny nidinan'ny Fanahy Masina. Ary dia izay tokoa ry Kristiana havana no andrandraintsika amin'ity andro anio ity, ho antsika eto amin'ny misionan'ny Ambilobe. Ary tandindon'izay ireto havantsika zay handray ny konfirmasio, zato mahery. Manambara fa hiroso amin'ny lalindalina tokoa isika, tahaka izay niseho tamin'ireo apostoly tamin'ny pentekôty voalohany. Zao izany ny pentekôty vaovao ho antsika eto amin'ny misionan'ny Ambilobe. Araka ny nampatsiahivina omaly, efa zato taona mahery ny batemy tetra amin'ny misionan'ny Ambilobe. Sarotra ny nanombohana azy, tahaka ny nahasarotra ny fitoriana ny vaovao mahafaly tamin'ny voalohany, tamin'ny niandohan'ny Eglizy tany Roma. Sarotra koa ny tetra Ambilobe araka ny nampatsiahivina, isaorana an'Andriamanitra fa nisy firosoana amin'ny lalindalina kokoa ary milaza miara-mahita isika fa misy ezaka goavana nataontsika, bravo! ...Tsy ho vita tanisaina izay satria tsy ny zavatra karaha izay no ho tanisaina fa isaorantsika Andriamanitra ary iarahabana antsika rehetra. Anisan'izany izao fanitarana ny Eglizy, paroasin'i Md Jozefa izao, hitantsika soritra izany. Ary tsy eto ihany fa amin'ny toerana maro isankarazany, tahaka ny fahitantsika an'io fanitarana io dia tsy maintsy mbola misy maro izany ny tsy maintsy hivitaina. Hitanareo fa mbola tsy vita izao ny fanitarana io, tokony toeran-kafa ny misy ny otely ? karaha zay koa mbola maromaro ny ezaka atao, ao ny paroasy faharoa izay irintsika, nangatahinareo tamiko izay ary izaho mamporisika anareo, (mbola tsy fantatra moa ny anarany) dia tsy iza izany fa ny paroasin'ny Laidama; anisan'izany anaty misiona ny any Betsiaka, any koa ny toerana maro. Raha fintiniko izany, ary eto no anamarinako an'izay, arahabaina ianareo, bravo, nanorina Eglizy. Sarotra manorina Eglizy e, porofon'izany mbola

koropakoropaka be, maro ny zavatra mbola tsy ara-dalàna, io no atao hoe Eglizy trano ary arahabaina ianareo fa nanorina Eglizy Trano, bravo...Ary tsy eto amin'ny paroasin'ny Md Josefa ihany fa eran'ny mission satria efa maromaro zay ny Eglizy nitokanako eto ary efa misy anaty programme izy nitanisaina teo, anisan'izay any Ampampamena, na eny an-toerana hafa. Eglizy trano zay. Arabaina isika nahorina Eglizy trano, satria zava-dehibe io. Fianakaviana ny Eglizy, ary fianakaviana ny Eglizy kely. Ilaina dia ilaina ny fanorenana trano satria tsisy ny fianakaviana tena izy raha tsy manana trano. Eglizy trano zay. Eto aho miarahaba anareo amin'ny fiaraha-miasanareo, ary dia mibaribary ny maha-tolagna izay : pretra, voatokana ary lahika. Matoa tanteraka izay fanorenana Eglizy trano izay dia teo izay ezaka ataonareo, anisan'izany, hafahafa basy fa basy mamelona satria manorina trano, arahabaina ny "basy mena" niarahantsika nientana ary hamporishina ho tsaratsara kokoa amin'ny manaraka. Tohizantsika ary hatsraintsika ny fanorenana ny Eglizy trano, asa goavana io. Fa izao ary,

Miainga amin'ny dinidinika tahaka nataon'i Jesoa tamin'ny mpianany, fa indrindra fa tamin'ny Alakamisy masina. Koa indreto ary toro-làlana ho antsika eto amin'ny misionan'ny Ambilobe. Mety misy hitovizany amin'ny mission hafa fa anareo manokana ity : mbola goavana kokoa ny fanorenana Eglizy olo, moramora ny fanorenana ny Eglizy trano, fa ny manorina ny Eglizy olo, Eglizy velona no asa, ary io ny asa tena miandry antsika. Mitovy amin'ny asam-panjakana manko atsika raha manorina trano fotsiny "batiment", fa isika amin'ny maha-Eglizy atsika dia tsy maintsy manorina Eglizy velona isika. Ka izao ary ry Kristianina Havana ny toro-làlana hanorenana an'izay Eglizy velona izay.

Voalohany :

Mila mametraka rafitra isika, tahaka ny manorina ny Eglizy trano tsy maintsy misy charpente sy structure ary rafitra amboarina fa tsy saim-pantatra fotsiny. Araka ny voalazako, ny Eglizy trano mila structure, mila charpente, mila rafitra, Ka mitovy amin'izany koa mila rafitra **ny fanorenana Eglizy olo.**

Zavatra tsapako ary efa nolazaiko tamin'ny fandalovako teto tamin'ny visite pastorale farany ary hamafisiko eto satria mbola niseho izany tamin'ny dinidinika niaraka tamin'ny hery velona. Miankina amin'ny olona iray na roa na telo ary indrindra indrindra miankina amin'ny mompera ny zavatra rehetra ataontsika. Tsy tokony iankina amin'olo anankiray fa miankina amintsika jiaby. Araka ny volaniko matetika, tsy misy ny diosezy, tsy misy ny paroasy fa isika no maha-diosezy ny diosezy, isika no maha-paroasy ny paroasy, isika ny maha-misiona ny misiona ka noho izany tsy maintsy harafitrantsika izay araka ny ambaratongany avy. Mila pretra isika marina izany, mila eveka isika eo amin'ny diosezy marina izany, fa tsy ny eveka no maha-diosezy ny diosezy fa isika vita batemy rehetra rehetra no maha-diosezy ny diosezy.

Ka noho izany aza ankinina amin'ny olona anankiray na olom-bitsy, raha mibodo toerana izany olona izany dia tsy mety satria tsy mifanaraka amin'ny finoana, tsy mifanaraka amin'ny maha-Eglizy ny Eglizy, ka aoka izy hahay hivelatra. Tsy hoe monsenera miteny tsy mila azy, sanatria, tsy zegny fa aoka hahay hifandamina ary izay no atao hoe milamina, rafitra. Mila ny insepecteur isika, mila ny pretra isika, mila atsika vita batemy tsirairay avy, hirotsaraka araka izay talenta nomena antsika amin'ny fandrafetana ny Eglizy velona. Karaha io vatana io, ary ohatra nampianarin'I Md Paoly izay ao amin'ny Romana, misy ny loha, misy ny tànana, misy ny tongotra, misy ny fo ary dia izay no mahatonga atsika

milaza hoe "Tolagna", ny pretra no loha, ny voatokana avokavoka, ary ny lahika no fo. Ary matetika, izay ny maha fo, mamelona ny fo isika lahika no tena tompon'andraikitra fa mazava ho azy tsy maintsy mila loha, mila avokavoka satria isika lahika no mipetraka fa ireo pretra mandalo, ireo voatokana mandalo. Porofon'izany izao I mompera Damien tamintsika teto, nandalo, i masera Gisèle nandalo. Mandalo ary eto aho efa milaza amintsika satria tsy natao haharitra amin'ny toerana arakily mandrakizay izahay na ny eveka izany na ny pretra na ny voatokana fa isika lahika kosa matetika mitoetra. Fa ny pretra sy ny voatokana manompo. Ary izay no mahatonga ny misioneran'ny fanompoana, manatanteraka ny fanompoana amin'ny toerana anankiray amin'ny fotoana voafetra. Fa izay no nanomanako antsika fa efa fantatrareo fa i mompera Serge ato ho ato voatery handeha hiasa an-toerankafa. Isaorana Andriamanitra nandritra ny fiasany teto ary isaorana ianareo niara-niasa taminy, nahay niara-niasa taminy. Fa raha nahay niara-niasa taminy ianareo dia ny fahaizanareo manohy satria mbola maro ny asa tsy vita e! manohy ny asa efa natombok'i mompera Serge satria izy voatery handeha rehefa vita izao année pastorale izao. Ny fiaraha-miasa isaorana Andriamanitra ary tohizanareo satria ohatra hoe lasa izy ka mitsilopilopy ny zavatra rehetra natao teto, izy no malahelo voalohany. Satria matoa izy no nanao an'izay, tiany ho velona ny Eglizintsika ka anjarantsika no mamelona azy amin'izao ary mahatsiaro afabaraka izy ary indrindra isika koa mahatsiaro menatra satria mba nomena zavatra tsara ka tsy mahay manohy an'izay zavatra ataontsika izay. Ka aoka hanana hambom-po, hanana fitiavana marina an'i mompera Serge atsika, raha tiantsika izy dia hanohy an'izany. Ary ny Fanohizana azy dia izay mompera hiasa amintsika ka fantantrantsika fa atolotro amin'ny fomba ofisialy miara-miasa amintsika hanohy ny zava-drehetra efa natao ary hametraka an'izay hoe Eglisy Trano, satria mbola maro ny ezaka tsy maintsy atao, ary indrindra indrindra hametraka an'izay Eglisy velona izay dia i mompera Germain ary i mompera Sylvain. Ireo izy mirahalahy, hitantsika ny amin'ny hoavy, fa izay no eto amintsika. Pretra ireo, ary matetika aho milaza amintsika, maniry hanana pretra masina isika ary dia rariny izany. « Sambatra hoy izy Md Jean-Marie Vianney, paroasy anankiray manana pretra masina satria ho masina izany paroasy izany » Ary izany no mamporisika ahy ary mbola hanaovako antso avo amintsika tsy ho azy roalahy ihany fa ho any pretra rehetra eto amin'ny diosezy, aoka ny fianakaviana tsirairay hanangana ara-panahy pretra anankiray. Sambatra ny diosezintsika raha ny pretra eto amin'ny diosezintsika masina. Ary tsarovy ry Kristianina havana tsy tia tena aho e, fa pretra koa ny evekanareo e, mivavaha ho azy e, fidinareo koa izy fa maro ny asa iandraketany. Izy ireo zany ny pretrantsika ary pretra maromaro moa eto i Patrick any Agnaborano Ifasy, ary misy pretra vahiny avy amin'ny diosezin'ny Farafangana, mompera William, mandalo eto amintsika.

Tohizantsika ary ny fanentanana atsika sy any fampianarana atsika amin'ny hanorenantsika ny Eglisy velona.

Ry Kristianina havana, ny fametrahana izay rafitra izay araka ny efa voalazantsika teo ary fangatahana ataonareo. Ilaina tokoa ny fiofanana, mila fiofanana izay ary izao kosa anefa, efa manomboka izany fiofanana izany ka miankina be dia be aminareo. Reko fa mbola mialangalana isika amin'io fiofanana io fa indrindra isika komitin'ny Eglisy, isika katekista, isika inspecteur. Efa manao izany ny CDD ary tohizana, indrindra rehefa manao famangiana pastoraly aho alalalinintsika izany fiofanana izany. Ny antony mba tsy ho spontanéité, ny hafanam-po vetivety, na afo-mololo fa mba afo

mirehidrehitra tokoa araka ny ohatra nataoko omaly, tandremo dia tandremo isika hoy aho handeha, manao ohetry ny fandehanana eo ambonin'ny onaona, rehefa isika mandeha eo ambonin'ny onaona dia atao izay hahatongavana amin'ny ilany ery kanefa tsy misy zavatra mivahatra, tsy misy zavara mitety tany fa mitsambikitsambikina isika, izay no atao hoe « spontanéité ». Ka aoka ary mba ho zavatra maharitra no ataontsika, ka noho izany , aoka ary araka ny efa voalazako teo tsy ankinina amin'olona anankiray na telo fa olona efa tena nomanina no ao. Ohatra fotsiny izao, efa faninteloko no nanao visite pastoraly mbola tsy fantatro iza avy no mandrafitra ny birao eto amin'ny paroasin'ny Md Josefa. Ny prezidà sy ny vice président no hitako fa mbola tsy nahitra iza no sekretera, iza no tresorier , iza no anatin'ny biraon'ny Eglisy, iza no ao anatin'ny komitin'ny Eglisy ? zany hoe ny mompera, ny president ary vice présidente fotsiny no mitantana ny mission eto Ambilobe, manahirana izany, tsisy rafitra izany ary tsy afaka handeha, hiroso tsara. Tsy manome tsiny aho, mety mandeha izy amin'izao fa araka nolazaiko, mandeha ambonin'ny onaona. Atao izay hatratrarana, hamangy i Mgr, ataovy ny tatitra, nefo tatitra tsy maro-pototra, mandeha amin'ny onaona. Misy ny zavatra vita, tsy lavina izany, fa isika tsy maintsy mitsinjo ny hoavy ary mikendry ny tsaratsara kokoa. Amboara zegny, apetrako aminareo mompera, anareo telo lahy, ary anao koa président, avaozy izay fomba fiasa izay mba tsy ambonin'ny onaona fa mba mivahatra tsara.

Ny faharoa tiako ampitaina amintsika, tohin'izay, efa misy taratasy telo fanentanana, ary mitohy amin'izay izao resaka ataoko izao, nosoratako nefo na any ambanivolo misy ny fiangonana fiombonana na aty amin'ny Eglisy iraka tsy mazava io taratasy io e, ary tsy fantantrantsika nefo fantako fa i mompera mitondra an'io taratasy io ary izy no mangataka amiko voalohany. Dikan'izay tonga amintsika fa asa natao ino ? enga anie tsy nofonosina na natao fonon'ny sigara satria na ny taratasy aza lafo amin'izao. Ary izay no tsy hahavantsika manao tatitra satria misy fanamarinana, misy fomba fanaovana an'izay. Anisan'izany izao lay boky anankintelo, tsisy na dia iray aza nampiseho ahy ny boky fitantanana ny Eglisy. Ezaka tsy maintsy ataontsika io, mila vakina ary fakafakaina ny taratasy pastoraly satria io no manome ny lalan-kombantsika, io no manome izay ataontsika eo amin'ny lafin'ny pastoraly mba tsy handeha fotsiny amin'izao isika fa misy lalan-kombana. Zay manko no atahorako, mikononkonona zavatra ato fotsiny atsika fa tsy araky ny atao iombonan'ny be sy ny maro ka tsy maintsy arahintsika izay. Misy toro-lalan amin'ireny taratasy ireny ka anjarantsika ny mi-adapté azy eo anivon'ny Eglizintsika. Ankiniko aminareo izay mompera, ankiniko aminareo izay inspecteur, agny ilay taratasy telo, izay taratasy mitohy ka hahafahantsika manorina ny Eglisy olo, Eglisy velona. Ohatr fotsiny izao, tokony apetraka tsara ny resaka momba ny rakitra, momba ny hasim-pinoana, mbola tsy mazava kanefa efa napetrakantsika anatin'ny taratasy pastoraly io. Misy ny efa manao ezaka, dia tohizantsika izany.

Ny hamaranako azy, ny lafiny fahatelo, dia ahoana moa no hahafantarana ny Eglisy velona ?

Eto isika zay eto amin'ny misionan'ny Ambilobe, ireto ny toetra, ireto ny refy hahafantarantsika an'izany Eglisy velona izany :

- a) **Velona ny Eglizy raha mivavaka**, ny ataoko hoe Eglizy io, Eglizy fianakaviana, satria fianakaviana Eglizy kely, Eglizy fiombonana, hitambaran'ny fianakaviana izay. Ny Eglizy fiombonana mitambatambatra no manorina ny Eglizy fototra na inspection ary ny Eglizy fototra maromaro no manorina ny Eglizy iraka na Mission, ary ny Eglizy iraka no mitambatra ao amin'ny diosezy ary iny no Eglizy Reny. Ka velona ny Eglizy manomboka amin'ny Eglizy Reny ka hatramin'ny Eglizy kely raha mivavaka. Raha tsy mivavaka ny fianakavantsika, tsy Eglizy zegny, raha tsy mivavaka ny Eglizy fiombonana tsy Eglizy zegny. Nohazavaina ao amin'ny taratasy izay. Anareo tsaiky madiniky, tahôma i baba, tahôma i mama hivavaka fa Eglizy maty koa tsy mivavaka e !
- b) **Velona ny Eglizy mivavaka raha mandalina ny finoana**, izay no maha-Eglizy ny Eglizy, ny finoana. Eglizy tsy misy katesizy, atahorako izay Eglizy izay. Maro ny Eglizy mbola tsy misy katesizy, maro ny Eglizy mbola tsy nandefa konfirmasio, efa indroa zaho nanao konfirmasio taty. Marina fa maro ny isa fa tsy arakaraky ny Eglizy ato amin'ny misionan'ny Ambilobe. Inona no antony ? mazava hoazy fa ry mompera tsy hanome alalana hanao konfirmasio raha tsy olona nianatra katesizy. Raha Eglizy tsy mandalina ny finoana izany dia Eglizy maty e. Mampalahelo zegny ! Maro ny zavatra iatrehintsika amin'izao e, fa indrindra resaka finoana io, na ny fomban-drazana zegny na ireo hafa finoana mametraka zavatra maro, mametraka fandrimpandrika etsy sy eroa. Ka raha tsy mandalina finoana atsika very e, ka miantso anareo zaho mba hiroso lalindalina kokoa amin'ny fandalinam-pinoana.
- c) **Velona ny Eglizy raha mijoro ho vavolombelona**, ny atao hoe mijoro ho vavolombelona, satria raha vita konfirmasio, eto zaho dia mitodika aminareo manao konfirmasio na olombe na tanora, midira fikambanana fa matao manao konfirmasio anareo dia ho vavolombelona. Aza manao ohatry ny sasany hoe : vita raha jiaby, vita hatramin'ny fiainana, vita hatramin'ny finoana zegny ! Zéro boribory, Tandremo zegny ! Tsy maintsy miditra fikambanana isika. *Fampatsiahivana kely : mbola nisy nanontany ahy : tsy mbola mazava Mgr ny momba an'i MDMK sy ny GARDE D'HONNEUR ? Rehefa niditra fikambanana ianao ka efa nanao famehezan-tena dia iny izany no tohizanao. Raha ohatra ka mbola tsy nahavita famehezan-tena amin'ny Mdmk na Garde d'honneur, dia azo ieritreretina ny fanaovany safidy amin'izay tena tiany hidirana amin'io fikambanana io, fa rehefa nanao promesse tsy azo atao intsony. Mitovy amin'izany koa raha mbola tsy nanao famehezan-tena amin'ny Scout izy ka te hiditra amin'ny Tanora marialy, dia azo atao. Ka noho izany ny famehezan-tena no mamaritra anao ao amin'ny fikambanana. Ary amporisihina isika rehetra fa indrindra ianareo manao konfirmasio mba hiditra fikambanana.*
- d) **Velona ny Eglizy, raha manompo, ary izay no maha-Eglizy, ary itahafany amin'i Kristy, hanahaka an'i Kristy izy raha manompo. I Kristy tsy tonga mba hotompoina fa hanompo. Ka izay koa ry Kristianina havana, Eglizy velona isika raha manompo. Misy Ezaka mikasika ny vaomiera e ! EFa nisy toro-làlana nataoko omaly, ny vaomiera zany tsy amin'ny paroasy fa amin'ny Eglizy fiombonana no tsy maintsy misy ny vaomiera tahaka ny voalazako teo tsy maintsy any amin'ny Eglizy fiombonana no misy ny fikambanana masina. Any ny misy ny Antily, any ny misy ny Fanilo, karaha zegny koa any amin'ny Eglizy fiombonana no tsy maintsy misy ny VVS, tsy maintsy misy ny Justice. Tsy hoe foanana ny aty fa ianareo no manofana any amin'ny Eglizy**

**velona raha tsy izay karaha hazo miroborobo fotsiny fa tsy misy vahatra ny fikambanantsika,
tsy misy vahatra ny vaomierantsika**

- e) **Velona ny Eglizy raha mandray an-tanana**, io no manambara fa velona tokoa ny Eglizy, raha mbola tsisy ny fandraisana an-tanana dia manambara izay fa mbola lavitra e, ary efa manao an'izany isika ka mirosoa amin'ny lalindalina kokoa.

Izay no hahafantarana fa Eglizy velona ny Eglizy raha mandray an-tanana isika, raha manompo isika, raha mijoro ho vavolombelona isika, raha mivavaka isika, Eglizy katolika velona, ny Eglizin'ny misiona aty Ambilobe.

Hamaranako azy, mitaky ilay toe-panahy dimy, tahaka ny rantsan-tanana dimy, hitanareo amin'ny sary zay nalefako. Tsy ho tanteraka izay voalazantsika rehetra teo alora raha tsy misy ny : FAHAFOIZANA eo amintsika. Raha tsy misy ny FAHASAHIANA eo amintsika, tsy ho vavolombelona mihitsy isika raha tsy sahy. Tsy ho hisy izay raha tsy manana FANETREN-TENA isika, tsy ho tanteraka izay raha tsy misy ny FAHARETANA. Io anisan'izay tsy ananantsika. Omaly ny tanora nanontany hoe : karaha akory atao ao anaty fikambanana, hampandrosoana ny fikambanana ? Miditra maro isika fa tsy manana faharetana. Ary farany ny FITIAVAM-BAVAKA. Ireo ny toe-panahy tsy maintsy hananantsika.

Ka izay indrindra ary ry Kristiana havana, toro-làlana atolotra atsika ireo, avy amin'izao famangiana pastoraly izao, mba ho pentekôty vaovao ho antsika tokoa eto Ambilobe, eto amin'ny misionan'ny Ambilobe ka mitsangana ary isika, mijoroa ary isika mba ho Eglizy velona tokoa. Ka mba hahafahantsika manatanteraka an'izay, samia ary isika hiaiky ny fahotantsika. Mbola maro ny zavatra izay maha-jamba antsika, tahaka an'ilay jamba izay horenesintsika amin'ny Evanjely, tahaka an'i Bartimé, izay no zava-misy, maro ny zavatra maha-jamba antsika vokatry ny fahotana, jamba amin'ny fifandraisana amin'ny hafa isika ka zary feno hery setra na eo anivon'ny fianakaviana, na amin'ny teny ataontsika, na amin'ny adidy tsy vitantsika, na eo anivon'ny asa aman-draharaoha ataontsika, jamba isika ka tsy mahita intsony ny marina, matetika lainga sy fitapitaka no zary fifandraisana amin'izao eo anivon'ny fiaraha-monina. Jamban'ny fitiavan-tena isika ka ny vola no ampainjakana ka sahy mamono olona isika, mamono zaza tsy manantsiny aza amin'ny alalan'ny avortement. Jamban'ny fitiavan-tena izay isika ka potehintsika mety tsy fantantrantsika noho ny fahajambantsika ka mandoro ny tanety isika, mbola manao tevy ala zay fantatrantsika fa manapotika ny tontolo hainantsika. Fahotana mahajamba. Handeha ary isika tahaka an'i Bartimé hanatona an'i Jesoa « Ry Jesoa zanak'i Davida ô, mamindra fo aminay »